Iza Moa Izao?

Ho tahiana ianao, rahalahy. Tena tsara ny tonga ao antranon'ny Tompo.

2 Heveriko fa nandinika Soratra iray aho, indray andro lasa, ka Izao no voalaza hoe rehefa nanakaiky an'i Jerosalema Jesosy, ka nanandrandra ny masony ireo mpianatra ary nahita ny tanàna masina avy lavitra izy ireo, dia nanomboka nifaly sy nilaza, hoe, "Ankehitriny ve no hampodiana ny fanjakana?"

3 Ary ity lehilahy iray ity izay niteny, na niresaka mikasika ny fitsidihana vao haingana an'i Palestina, ary nilaza izy fa ny olona ankehitriny, tamin'ny taon-dasa, dia tonga teo amin'ny toerana iray izay, rehefa niakatra avy tany amin'ny lohasaha izy ireo ka nijery nanerana an'ilay fihodinana, ilay làlana iray ihany izay nandehanan'i Jesosy sy ireo mpianatra tamin'io fotoana io, ka rehefa nahita ny tanàna izy ireo, dia nanomboka nitomany.

4 Fantatrareo, mino aho, fa nisy zavatra tamin'ireo mpianatra ireo, tamin'ireo andro ireo, izay tsapany, hoe—hoe hampodiana indray ny fanjakana.

5 Ary ankehitriny dia efa saiky izao no fotoana. Mino aho fa izany ilay fihetseham-po izay eo amin'ny olona, hoe efa saiky vonona ny hampodiana indray ny fanjakana.

6 Rahalahy Neville, ny pasiterantsika mpiahy sy voatahy, dia vao avy niteny tamiko ny amin'ny ezaka iray ho an'ny fifohazana izay ho avy eto amin'ny tabernakla, ao anatin'ny hariva vitsy, mba hivavahana mikasika an'izany. Ary niteny taminy aho, nihevitra aho fa ho zavatra voatahy iray izany.

7 Tsy afaka manana fifohazana be loatra mihitsy ianareo. Ary matetika isika dia manana an'ilay hevi-diso ny amin'ny fifohazana iray. Ny fifohazana iray dia tsy dia tena hoe mampiditra mambra vaovao loatra, fa izany dia ny mamelona indray an'izay efa ananantsika. Ary izaho dia . . .

8 Tiako ny hilaza an'izao, satria milaza an'izany avy amin'ny halalin'ny foko aho. Manomboka mahita fihetseham-po hafa iray aho ato amin'ny tabernakla noho izay efa nisy hatramin'ny ela, fihetseham-po iray an'ny—an'ny hevitra ara-panahy lalina, tahaka ny naha-izy azy fahiny, ela be; io zavatra izay voalamina io, ary manana tena fototra iray izany. Ary matoky aho fa hitahy an'ity fiangonana kely ity Andriamanitra, ary . . .?. . .indray ao amin'ny heriny.

9 Ary hitako fa mandroso ilay fandaharam-panorenana, ary heveriko fa zavatra iray lehibe izany. Satria, na ho haingana na ho ela, dia hanala an'ilay fitaovam-piadiana isika olona antitra

ka hanolotra an'izany indray eo an-tànan'ireo zanatsika, ary hiakatra eo amin'ilay Tohatra volamena.

10 Indray andro dia efa nihoatra an'ilay mariky ny antsasa-dàlana aho ankehitriny, an'ny dimampolo taona. Tsy afaka mahatsapa an'izany fotsiny aho. Toy ny hoe vao tsy ela ny fotoana izay nitaterako an'ireo enta-madinika ho an'i Chris Misneasner, teo amin'ny valo ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, valo ambin'ny folo taona teo. Saingy lasa any ho any fotsiny izany. Izany dia maneho fotsiny fa tsy manana tanàna maharitra isika, fa mitady Anankiray izay ho avy. Ary izany ilay Tanàna izay Andriamanitra no mpanorina, ary tsy hisy fiafarana intsony any.

11 Aninkeo maraina, raha niresaka teo amin'ny lohahevitra ny amin'ny fetin'ny reny aho, ary niezaka nametraka ny reny tsy arak'izay tena maha-izy azy, ao amin'ny taona antitra, miaraka amin'ny fikentronana, sy eo amintsika; ireo tehiny, na seza misy kodiarana tranainy iray, na seza misy fitoeran-tànana, sy vazim-boninkazo kely iray mipetraka eo akaikiny; fa reny ao amin'ny fitsanganana, naverina indray amin'ny hatanorany, ary mitsangana, mamiratra tahaka ny mpanjakavavy iray. Tahaka an'izany no tiako hiheverana ny reniko. Tsy tiako ny hihevitra azy amin'ny maha-izy azy androany, antitra. Tiako ny hihevitra an'izay ho avy. Ary fantatro fa tahaka an'izany no tsapanareo mikasika ny reninareo. Eritrereto izy arak'izay tena maha-izy azy ao am-pony. Na dia maro aza . . . araka ny lazain'ilay poety hoe, "Tsy mora ny fiainana ho azy, saingy hiaina an'izany rehetra izany indray izy, mba hanao zavatra iray fotsiny ho anareo." Noho izany dia hanao làlana iray Andriamanitra mba ahafahany hiaina mandrakizay miaraka aminareo. Noho izany dia faly aho ny amin'izany.

12 Tsy fantatro hoe nahoana. Nanao an'ity filazana ity aho, aninkeo maraina, hoe hiresaka aho izao hariva izao, raha sitraky ny Tompo, eo amin'ny: *Iza Moa Izao?* Tsy fantatro marina tokoa hoe ahoana no hanaovako an'ilay izy. Fa sahirana aho hatramin'ny teo amin'ny adiny iray sy folo minitra lasa teo izay, teo amin'ny fifampiresahana nandritry ny tolakandro manontolo, ary nanana an'ireo antso manokana sy—sy hamehana. Tsy nety vitako izy ireo.

13 Ary tiako ianareo hanohy hivavaka ho an'i Dokotera Sam. Izy—Izy dia miha-tsara hatrany, ary mankasitraka isika. Ary Dokotera Baldwin sy Rtoa. Baldwin dia samy sitrana. Miha-tsara hatrany izy ireo.

14 Tiako ianareo hametraka anankiray vaovao ao amin'ny lisitry ny vavakareo, izao tolakandro izao. Izany dia i Harry Lease eto, ilay mpivaro-panafody. Harry dia sakaizako manokana. Ary hatramin'ny nahafantarako azy, dia nihevitra aho fa Kristiana iray izy, hatramin'izao tolakandro izao, rehefa

nanao an'ilay fangatahana ho an'ny famonjena ny fanahiny ny rahalahiny. Rahalahy Mike Egan no nitondra an'ilay . . . ny mpitantan-draharahantsika eto, no nitondra an'ireo vaovao. Ary ao amin'ny toerana sarotra iray i Harry, any amin'ny hopitaly. Tsy fantatro hoe nieritreritra betsaka ahy izy; fa, nolaviny ny pasiterany manokana, izao tolakandro izao, na ny pasiteran'ny fiangonana izay andehanany, ka nila ahy ho tonga hijery azy izy. Ary te-handeha hijery azy aho. Noho izany, dia mivavaha ho an'i Harry.

15 Faly isika eto, izao hariva izao, ny miarahaba, izany dia ireo sakaizako eto, avy any Georgia, Rahalahy Welsh Evans sy ny ankohonany. Izaho dia mahita, ihany koa, an'ireo mpitsidika hafa izay tsy fantatro izy ireo, teto angamba izy ireo aninkeo maraina.

16 Raha tsy diso aho, dia mahita an-dRahalahy sy Ranabavy Elmer Collins aho iry aoriana iry, avy any Phoenix, Arizona. Oh, tsy niova ianareo. Toy ny hoe tokony hanao an'ireo akanjonareo an'ny mpiasan'ny làlamby ianareo, ary—ary tonga avy any amin'ny làlamby. Ary tongasoa ato an-trano indray! Tsy afaka hangataka anareo hijanona eto aho, satria efa nahita toerana iray tsaratsara kokoa ianareo, hitanareo, izay tena tsara, Phoenix. Tiako ny hipetraka any, indray andro any, ny tenako.

17 Ary avy eo dia mahita an-dRahalahy Smith aho eto, avy amin'ny fiangonan'Andriamanitra, any. Rahalahy Smith, nomena ahy ilay izy, ny boky kelinao, indray andro, na omaly tolakandro, efa tara. Tsy mbola novakiako ilay izy, fa hankasitrahako tokoa izany, raha mbola fantatro foana fa ianao no nanoratra azy. Tsy maintsy ho tena, Soratra marina izany. Andriamanitra hitahy anao. Ary manantena aho fa fahombiazana iray izany.

18 Ary ireo maro hafa, afaka hilaza aho. Tongasoa eto amin'ny tabernakla ianareo rehetra. Ary nankasitrahako ilay hira, aninkeo maraina, an-dRanabavy Stricker izay nihira hoe, "Izy dia mijery amin'ny alàlan'ilay fefy, azy." Ireo rahalahiko Mennonite eto, faly aho ny manana azy ireo ato. Ary, oh, ianareo rehetra! Sakaiza iray eto, mino aho, avy any Illinois any, manao ny fandraisam-peo aoriana ao ny zananilahy, sendra nihaona tamin'izy ireo indray aho. Ary tena maro, izaho mety . . . Tsy mihevitra aho hoe tsy miraharaha anareo aho raha tsy miantso ny anaranareo, fa miarahaba anareo rehetra tongasoa fotsiny aho.

19 Ankehitriny dia ndao isika hamaky izao hariva izao, avy amin'ny leson'ny Soratra iray, avy ao amin'ny Matio ny toko faha-21, manomboka amin'ny andininy faha-1, ary mamaky midina, sy ny faha-11, manontolo.

Ary rehefa nanakaiky an'i Jerosalema izy ireo, ka tonga, ary tonga *tao Betifaga, any an-tendrombohitra* Oliva, *dia naniraka mpianatra roa Jesosy,*

Nanao tamin'izy ireo hoe, Mandehana amin'ny vohitra tandrifinareo, ary miaraka amin'izay ianareo *dia hahita boriky mifatotra iray, sy zana-boriky iray miaraka aminy: vahao izy ireo, ary ento* aty *amiko.*

Ary raha misy olona milaza aminareo, dia lazao hoe, Ny Tompo no *mila azy ireo; dia handefa azy ireo miaraka amin'izay izy.*

Izany rehetra izany dia tonga, mba hahatanteraka an'izay nolazain'ny mpaminany, nanao hoe,

Lazao . . . amin'ny zanakavavin'*i Ziona hoe, Indro, tonga ny Mpanjakanao* malemy fanahy . . . *mipetraka eo ambonin'*ny *boriky, dia zanaky ny boriky miasa iray.*

Dia nandeha ireo mpianatra, ka nanao arak'izay nandidian'i Jesosy azy ireo,

Dia nentiny ny boriky, sy ny zana-boriky, ary nataony teo amboniny ny lambany, ka napetrany teo amboniny izy.

Ary namelatra ny lambany teny an-dàlana ny vahoaka tena marobe; ary *nanapaka rantsana avy amin'ny hazo, ka* nahahany *teny an-dàlana izy ireny.*

Ary ny vahoaka *izay nandeha teo aloha, sy izay nanaraka, dia niantsoantso, nanao hoe, Hosana ho an'ny zanak'i Davida: Isaorana anie izay avy amin'ny anaran'ny Tompo; Hosana an'ny avo indrindra.*

Ary rehefa tafiditra tao Jerosalema izy, dia nihorakoraka ny tanàna rehetra, nanao hoe, Iza moa izao?

Dia hoy ny vahoaka hoe, Izao no Jesosy mpaminany avy any Nazareta . . .

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka.

20 O Tompo, manontany fotsiny izahay hoe inona no ho nolazainay, raha niaina tao amin'ireo andro ireo izahay. Fa miaina ao amin'ny andro iray lehibe kokoa izahay, izay iandrasanay Azy ho tonga. Ary raha manao fiomanana izahay, Tompo, manao ny fonay ho voaomana, ka mitondra ny amboara rehetra izay azonay angonina avy amin'ireo saham-pijinjana, ny eto an-tanàna sy ny any ivelany. Mieritreritra izahay ary—ary manantena an'ilay fotoana izay hahitanay Azy tonga, mitaingina eo ambonin'ny soavaly fotsy iray, midina avy any amin'ireo vavahadin'ny Voninahitra, mba hanova sy hanamboatra an'ity vatanay mety lò tranainy ity, ho amin'ny vatana iray mitovy amin'ny Azy manokana, izay tsy mety hisy fahotana intsony na

mariky ny fahafatesana intsony hany hiditra. Ary hahita Azy izahay amin'ny maha-izy Azy, ary velona, sy tia Azy mandritry ny taona rehetra izay ho avy.

21 Misaotra Anao izahay ny amin'ity fiangonana ity sy ny amin'ny pasiterany, ary ny amin'ireo mpitantan-draharaha sy diakona, sy ny amin'ny olona rehetra izay tonga eto; ary ny amin'ireo mpitsidika izay ao amin'ny vavahadinay, izay ondrin'ilay vala iray ihany, saingy avy amin'ny fefy hafa iray. Hangataka izahay mba Hitahianao azy ireo, izao hariva izao, amin'Ny Fanatrehanao.

22 Ary fahano amin'Ny Teninao izahay, mba ahafahanay miala eto, izao hariva izao, miaraka amin'ny fanapahan-kevitra ny ho Kristiana tsaratsara kokoa noho izay hany efa naha-izy anay. Enga anie izahay handeha miaraka amin'ny fanantenana iray vaovao ao am-ponay, sy miaraka amin'ny fifaliana, miandry Ny Fihaviany.

23 Ary raha sendra hisy sasany eo anivonay, izay marary sy ory, dia tsy ho hadinonay ny hivavaka ho azy ireo. Ka izy ireo... Miditra ato amin'ny tranobe, izao hariva izao, izay iangonanay miaraka ho an'ny fanompoana, miditra, marary, enga anie izy ireo hivoaka salama.

24 Ary hangataka izahay ho an'ireo izay manaraka fitsaboana, any an-trano sy ireo hopitaly, ary izay eo ambonin'ireo fandriampahoriana. Mivavaka izahay, O Andriamanitra, mba hahatratra azy ireo ny Famindramponao.

25 Hivavaka izahay ho an'ireo izay tsy miraika, izao hariva izao, izay tsy mbola nanandrana sy nahita fa tsara ny Tompo, izay tsy mahafantatra ny dikan'ny hoe tian'Andriamanitra. Tsy azon'izy ireo fotsiny izay tsy ananan'izy ireo. O Andriamanitra, enga anie ny fandaharan'ny radio iray, na fomba iray, no hikasika ny fon'izy ireo, ka ny fientanam-pony anie hitodika Aminao alohan'ny hikatonan'ny varavaran'ny famindrampo ka ho voahidy any ivelany izy ireo, hiharitra ny fitsarana tsy misy famindrampo.

26 Ampio izahay, Tompo. Ireo zavatra ireo dia ivavahanay amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ary ho an'ny Voninahiny no angatahanay an'izany. Amena.

27 Tena nifanizina ny olona nanerana an'ireo vavahady, ary hipoka ireo làlambe, ka tsy nisy efitra natorian'ny olona akory aza. Nandry tany ivelan'ny rindrina izy ireo, ny rehetra tamin'ny tany, satria paska izany. Ary tonga avy any amin'izao tontolo fantatra rehetra izao ny olona, mba hanompo tamin'ity fotoana ity. Izany no fotoana izay namonoana ny zanak'ondrin'ny paska. Ary ny...Izany no naneho ny fanafahan'izy ireo avy tao Egypta, ilay fanandevozana. Ary nitandrina an'izany izy ireo, isan-taona. Isan-taona, dia niseho ity paska lehibe ity. Ary izany no fotoana nalaza indrindra an'ny...na zava-mitranga

an'ny fivavahana Jiosy, satria izany dia nidika ho fotoana izay nahafahan'izy ireo.

28 Tian'ny olona rehetra ny mieritreritra an'izany, ilay fotoana izay nahafahan'izy ireo. Ahoana fa ny tsirairay avy amintsika, izao hariva izao, dia afaka miverina any amin'ilay fotoana izay nahafahantsika! Inona no dikan'izany amintsika!

29 Afaka mahatsiaro aho amin'ny fahatsapako manokana, hoe ahoana no niangavin'ny fon-jazalahy mahantrako hikasika an'Andriamanitra. Nieritreritra aho hoe, "Oh, raha afaka miakatra fotsiny mantsy aho ka mandondòna eo amin'ny Varavarany, ary hiresaka Aminy vetivety!" Ary, mazava ho azy, fantatrareo ny tantarako. Naka taratasy iray sy pensily ho ahy aho, ary nanoratra taratasy iray ho Azy, satria tsy afaka niresaka Taminy aho. Ary fantatro fa nipetraka tao anaty ala Izy, satria efa nandre Azy aho, ary efa nahita ny Fihetsiny tao anaty ala. Ary ny—ny làlankely iray, mahazatra tranainy izay nandehanako taloha rehefa nihaza aho na nandeha nanjono. Nieritreritra aho hoe, "Hapetako eo amin'ilay hazo fotsiny izany, ary alefako amin'Atoa. Jesosy." Fomba iray fotsiny mba ahafahan'ilay entamavesatra hiala amin'ny foko.

30 Oh, io hariva io, tany lavitra tany! Mety manadino ny taonako aho, mety manadino ny anarako mihitsy aza aho matetika, saingy tsy afaka manadino an'io ora izay Nanafahany ahy tamin'ny fahotana io mihitsy aho. Nisy zavatra niseho, tao anatiko tao, ka izany no nanampy ahy nandritr'ireo ora lehibe an'ny aizina ireo. Ilay oran'ny fanafahako, niala tamiko ny vesatry ny fahotana, ka olom-baovao iray aho. Efa olom-baovao iray tao amin'i Kristy Jesosy aho, nanomboka tamin'izay.

31 Ary ireto Jiosy ireto, miakatra izy ireo, isan-taona. Ary nisy ny—ny loharano iray tao anatin'ilay fiangonana. Ary nalain'izy ireo ny—ny mofo, sy ireo anana mangidy, sy ny zanak'ondry, ary nisotro avy tao amin'io loharano tao anatin'ilay fiangonana io izy ireo. Ary niara-nifaly izy ireo satria dia naneho fitia tamin'izy ireo Andriamanitra, noho izany dia fotoan'ny paska ity. Ary tsy hoe paska fotsiny ilay izy, fa paska iray manokana izany.

32 Fantatrareo, misy matetika ny hoe mandeha any ampiangonana isika ary . . . Tiantsika foana ny mandeha, saingy misy matetika ny hoe zavatra manokana mitranga.

33 Ary ity no anankiray tamin'ireo fotoana. Feno fiandrasana ny habakabaka, tahaka azy androany fotsiny. Ny mason'ireo izay nitia Azy rehetra dia niandry Azy hiditra teo amin'ilay vavahady.

34 Ary mino aho fa betsaka tahaka an'izany ilay izy androany, satria ireo izay tia Azy no miandry Azy. Feno fiandrasana ny habakabaka.

35 Nefa, isika dia miaina ao amin'ity andro ity, izay ny tany tokoa dia, dia lasa barikam-banja lehibe iray. Ary ny siansa dia miteny amintsika hoe, "Amin'ny misasakalina latsaka telo minitra fotsiny izao." Ary azoko antoka fa efa namaky ianareo, tahaka ahy, indray andro, an'ilay tantaran'io jeneraly ao amin'ny tafika io, nilaza, hoe, "Raha nisy ady hafa iray, dia haharitra roa na telo minitra fotsiny izany." Ilay andron'ny ady fahiny, sy fitifirana basy, ary fangadiana lavaky ny amboahaolo, efa tapitra izany rehetra izany. Nilaza izy ireo fa ny ady manaraka dia ho roa na telo minitra fotsiny. Indray andro any, dia olona marary saina iray no hanala ny sarony ka handrehitra ny iray amin'ireo baomba ireo. Ary rehefa manao izy ireo, manana an'ireo tobim-pihainoana isika, hatraiza hatraiza, mba hamaly tifitra avy hatrany indray. Tsy afaka hahari-miaina an'izany fotsiny izao tontolo izao.

36 Ny tsirairay avy tamin'ny paska dia nahafantatra fa hisy zavatra hitranga, saingy tsy fantatr'izy ireo hoe inona marina ilay izy.

37 Ary tahaka an'izany ilay izy androany. Ny ankamaroan'ny tsirairay avy dia mahafantatra fa misy zavatra natao hitranga. Ny tsirairay avy dia mahafantatra an'izany. Afaka miresaka amin'ny mpanota ianareo, afaka miresaka amin'ny mpivarotra ianareo, afaka miresaka amin'ny olona iray ianareo, ary, oh, tena fotoana tsy mampitombona an'izao tontolo izao izany.

38 Fa afaka miresaka amin'ny lehilahy iray na vehivavy iray izay miandry ny Fihaviany ianareo, ary eo amin'ny tavan'izy ireo ny voninahitra, mamirapiratra. Miandry an'io zava-mitranga malaza io izy ireo. Noho izany dia feno indray ny habakabaka manontolo, miandry zavatra hitranga. Izao tontolo izao dia tsy mahafantatra an'izay natao hitranga, saingy ny Fiangonan'Andriamanitra velona kosa dia mahafantatra an'izay hitranga. Fantatr'izy ireo fa hitsoka tsy ho ela ny trompetra, ka hahita Azy tonga isika, tonga avy any amin'ny Voninahitra, eo ambonin'ny soavaly fotsy iray, ka ny tafiky ny Lanitra manaraka Azy. Ary ireo izay maty ao amin'i Kristy dia hakarina ary entina miakatra hitsena Azy eny amin'ny habakabaka. Izany no andrasantsika. Maniry fatratra an'izany isika.

39 Ary nilazana isika fa ireo fanahin'ireo reny, sy ny sisa, izay noresahantsika aninkeo maraina, eo ambanin'ny alitaran'Andriamanitra fotsiny, dia miantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo? Mandra-pahoviana?" Te-hahita anareo betsaka i neny tahaka ny itiavanareo hahita azy. Ary ireo malalantsika dia te-hihaona amintsika tahaka ny itiavantsika hihaona amin'izy ireo.

40 Ho fihaonana iray toy ny inona izany, rehefa tonga Izy! Mihaona amin'ireo malalantsika sy mahita azy ireo ao amin'ny vatan'ny fitsanganany, ary nomem-boninahitra, ka mandeha

miaraka amin'ny mpandovan'ny fitsanganana, mandinika ny toetran'izy ireo, ahoana fa niova izany, ilay fahalemem-panahy sy fitoniana. Ary tsy ho fifanaretsahana maimaika iray izany, sy fitsambikinana sy fihendratana, satria hanana ny Mandrakizay rehetra hiaraha-miaina isika.

41 Oh, ity taonan'ny marary saina lehibe izay iainantsika ity, tsy misy fotoana ho an'ny inona na inona, mihanika fotsiny, sy mihendratra, ary mandramby, nahoana, andro mahatahotra iray izao.

42 Tamin'izay fotoana izay, raha niandry zavatra hitranga izy ireo, tena nampalahelo fa maro tamin'ireo tao amin'ny paska no tsy nety nahita Azy mihitsy. Kanefa, fantatr'izy ireo fa hisy zavatra hitranga, kanefa tsy nety nahita Azy izy ireo.

43 Ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Tompo. Olona maro tsy mahatombona, androany, no mahafantatra fa misy zavatra izay natao hitranga, nefa izy ireo—tsy hahita Azy mihitsy izy ireo. Satria ho avy ao amin'ny fahanginan'ny misasakalina Izy, mba haka an'ilay Fiangonana kely izay maniry fatratra sy miandry ary manantena ny hahita Azy. Izany dia ireo izay Hahatongavany sy halainy. Maro amin'izao tontolo izao izay miaina ao anatin'ny famirapiratana, sy mampisakafo ny fanahiny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, no tsy hahafantatra mihitsy an'izay nitranga, mandra-piditr'ilay Fiangonana ao amin'ny Voninahitra, satria ho avy toy ny mpangalatra amin'ny alina Izy ary haka azy ireo. Noho izany dia hitantsika fa miverina eo amin'ilay toerana iray ihany indray isika. Ankehitriny dia mahita isika, fa, ity fiandrasana ity, hoe Andriamanitra dia tonga amin'ireo izay. . . Manerana ny Soratra rehetra, dia zavatra nitovy foana izany. Hoe izy ireo dia. . . Izy dia miseho amin'ireo izay miandry Azy foana, amin'ireo izay maniry ny hahita Azy foana. Ary azoko antoka fa izany no fanantenana izay eo amin'ny fontsika izao hariva izao.

44 Teo amin'ny enim-bolana lasa teo izao, heveriko, dia nanambara tamin'ny olona sasany aho. Ary hoy aho hoe, "Oh, ny mieritreritra an'izany, hoe ho tonga amin'ny fotoana rehetra fotsiny Izy!"

45 Ary ny nahatonga ahy hilaza an'izany, dia niresaka ny amin-dRahalahy Bosworth aho. Rehefa nandeha nijery an'io olo-masina antitra io aho, rehefa nandre izahay fa teo ampahafatesana izy, valopolo taona mahery, izaho sy ny vadiko dia nandeha, ihany koa, tany mba hijery azy alohan'ny hahafatesany. Tsy maintsy nilaza zavatra iray taminy fotsiny aho. Tiako ny mandinika an'ireo olo-masina rehefa miditra amin'ny Voninahitra izy ireo, ka tsy maintsy nahita azy aho. Ary narehitray ny kodiaran'ilay fiara.

46 Fa rehefa tonga tany izahay, ary niditra haingana teo amin'ny varavarana, dia nandry teo amin'ny zorony kely iray io

patriarka antitra io. Nampakatra ny lohany izy rehefa nahita ahy tonga. Ireo sandriny antitra, nalemy dia nivoaka, niaraka tamin'ny nofo nihantona. Ary nanolotra ny sandriny tamiko izy. Ary nandramby azy tamin'ny tenda aho ka nihiakiaka hoe, "Ry ikakiko, ry ikakiko, ireo kalesin'ny Isiraely, sy ireo mpitaingi-tsoavaliny," satria izy dia masina iray, lehilahy masina.

47 Dia hoy aho hoe, "Rahalahy Bosworth, te-hanontany zavatra iray aminao aho. Mino ve ianao fa ho salama?"

Hoy izy hoe, "Oh, tsy marary akory aza aho."

Hoy aho hoe, "Eny, inona ny olana?"

48 Hoy izy hoe, "Handeha any an-Trano aho." Hoy izy hoe, "Reraka aho, ary trotraka tanteraka. Ary te-handeha any an-Trano fotsiny aho."

49 Hoy aho hoe, "Noho izany dia fantatrao ve fa eo am-pahafatesana ianao?" Hoy aho hoe, "Te-hanontany zavatra iray aminao aho. Nandritr'ireo fitopolo taona mahery kely an'ny asam-panompoana, dia inona no minitranao be voninahitra indrindra? Afaka miresaka amiko ve ianao, tompoko, ka hiteny amiko an'izay fahatsapana nanananao, nanerana ny làlana, izay azonao isaina ho oranao lehibe indrindra."

50 Raha ho velona hahita ny taonany aho, dia tsy ho hadinoko mihitsy, raha nijery ahy ireo maso mainty, avy teo amin'ny tampon'ireo solomaso. Hoy izy hoe, "Ry rahalahy malalako, izao no fotoana lehibe indrindra an'ny fiainako. Tsy afaka mieritreritra fotoana iray izay be voninahitra indrindra intsony afa-tsy izao ankehitriny izao aho."

51 Nijery azy nanatrika aho, ka hoy aho hoe, "Tompoko, mbola fantatrao foana ve fa eo am-pahafatesana ianao?"

52 Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, mandry eto aho, miandry Azy amin'ny minitra rehetra hanokatra an'io varavarana io ka ho tonga, haka ahy ho any an-Trano miaraka Aminy." Tahaka an'izany no tokony hahafatesana. Tahaka an'izany no tokony handehanana.

53 Ary araka ny fantatrareo, fa, teo amin'ny adiny roa talohan'ny nahafatesany. . . Izy dia, nandry tao anatin'ny tsi-fahatsiarovan-tena, nandritry ny roa andro mahery. Ary rehefa nahatsiaro tena izy, dia nitsangana tao amin'ny efitra, ary nanomboka niresaka tamin'ny vadiny. Avy eo, tampoka teo, dia toy ny hoe lasa mangarangarana izy. Ary nandray tànana izy, nandritry ny adiny iray mihitsy na mihoatra, an'ireo sakaiza, izay efa maty nandritry ny efapolo na dimampolo taona, dia ireo niova fo-ny tao amin'ny fiangonany. Nandray tànana ny reniny sy ny dadany. Mandra-pahatonga azy. . . ny aina nandao ny vatany, nandry teo amin'ny ondana ary lasa nodimandry, teo an-tsandrin'ny Tompo Jesosy. Tsy misy na inona na inona afa-tsy ny nanompo Azy, niandry Azy.

54 Ary niresaka tamin'io lehilahy io mikasika an'izany aho, ka niteny taminy an'io fahatsapana io, nilaza an'izao aho. Hoy aho hoe, "Tompoko, oh, tsy ho be voninahitra ve rehefa mahita Azy isika? Oh, raha ho tonga androany Izy!"

Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, aza mampitahotra ny olona tahaka an'izany ianao."

Hoy aho hoe, "Inona no tianao ho lazaina?"

55 Hoy izy hoe, "Oh, aza miezaka miteny amin'ny olona fa ho avy izao tontolo izao, na ho avy Kristy. Mampitahotra azy ireo izany."

56 "Oh," hoy aho, "tsia. Mamelà ahy. Ho an'ireo izay miandry Azy, dia izany no vaovao lehibe indrindra izay azon'izy ireo henoina, hoe efa hivoaka mihitsy Jesosy ka haka Ny Fiangonany." Ny fahanterana dia hiova ho hatanorana. Fifaliana no homena raha tokony ho alahelo. Fiainana no homena raha tokony ho fahafatesana. Tsi-fahafatesana ho an'ny fahafatesana, hifamadika. Oh, fotoana iray toy ny inona, ny mahafantatra fa ho avy Izy!

57 Niandry Azy izy ireo. Nanantena Azy izy ireo. Ary rehefa tonga Izy, dia hitantsika fa nisy antoko roa. Ny vondrona iray dia nomba Azy, ary ny iray dia nanohitra Azy.

58 Ary tahaka an'izany no ahitantsika azy androany. Izany no, ny Fihaviany, dia nampisaraka ny olona foana. Isan'andro, rehefa mahita an'i Jesosy ianareo, dia mahita an'ireo izay hifanohitra amin'Izany eo. Satana izany. Ary, androany, rehefa mieritreritra an'izany isika, dia tsy mahita fiovana betsaka isika. Mitovy fotsiny. Ny olona no niova, fa ilay fanahin'ny olona tsy niova.

59 Noho izany rehefa nijery teo amin'ilay vavahady izy ireo tamin'ny farany ka nahita Azy tonga, nitaingina teo ambonin'io ampondra kely, fotsy io, dia tsy mahagaga ireo mpianatra raha nanomboka ni—niantsoantso hoe, "Tonga ny fanjakan'ny Lanitra!" Nihazakazaka hitsena Azy ny olona, ary nientanentana i Jerosalema manontolo. Misy zavatra mikasika an'izany, rehefa tonga Jesosy, fientanentanana iray foana izany. Ary nientanentana ilay tanàna manontolo. Ary izy ireo—tsy afaka manafina an'izany izy ireo.

60 Ary ireo mpitory teny tamin'izany andro izany dia tsy maintsy nanao tatitra ny amin'io fientanentanana io, satria fetin'ny paska tamin'izay. Ary niantsoantso izy ireo hoe, "Iza moa Izao?" rehefa feno ny habakabaka. Ary ny fihavian'ny Tompo Jesosy, tao Jerosalema, no nameno ny habakabaka tamin'ny fiandrasana. Toy ny hoe tokony nahafantatra an'izay hiseho ireo mpampianatra. Toy ny hoe tokony nahafantatra an'izany ilay mpisoronabe. Toy ny hoe tokony nahafantatra an'izany ireo mpisorona hafa rehetra.

61 Ary tsy niova mihitsy izany, androany, satria ny Fanahy Masina no mialoha làlana ny Fihavian'ny Tompo Jesosy. Ary rehefa manomboka mihitatra manerana ny tany ny Fanahy Masina, dia mirehitra ireo afom-pifohazana, hatraiza hatraiza, tanteraka ireo famantarana sy fahagagana lehibe, niseho ireo fanasitranana, nivoaka ireo faminaniana. Niverina indray ao amin'ny Fiangonana ireo fivorian'ny fitahiana apostolika. Noho izany, tahaka ny naha-izy azy tamin'izany, dia toy izany koa ilay izy ankehitriny, mbola miantsoantso foana ilay fanahin'ny tsimpino hoe, "Iza moa Izao?"

62 Ny sasany tamin'izy ireo dia nino ny Tompo Jesosy, mba hilazana fa lehilahy tsara iray Izy. Ny sasany tamin'izy ireo nanao hoe, "Lehilahy tsara iray Izy."

63 Izany no lazain'izy ireo amin'izao andro izao. Miezaka mametraka Azy ho Napoléon iray izy ireo, mpiady iray. Miezaka ny mametraka Azy ho—ho George Washington iray izy ireo, lehilahin'ny fahamarinana iray. Saingy mihoatra noho izany Izy.

64 Efa voamarikareo ve ny vakin'ny Soratra? Hoy izy ireo hoe, "Izao no mpaminany izay avy any Galilia."

65 Ary miezaka milaza an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'izao andro izao, rehefa mahita an'izao hetsika lehibe an'ny Tompo izao izy ireo: mamerina indray, amin'ny fahasalamana, ny marary sy ny ory; mahita Azy mampiasa Ny Fanahiny ao amin'Ny Fiangonany, mamantatra an'ireo fisainan'ny olona; mahita Azy manao fotsiny an'izay Nataony fony Izy teto antany, manatanteraka an'izay Nolazainy fa hiseho. Izany tokoa. Ireo fiangonana sy ny olona, raha manontany an'ity hoe, "Iza moa Izao?"

66 Tsy azon'izy ireo hoe iza moa Jesosy, satria tsy afaka nanaiky Azy ny iray tamin'izy ireo, tamin'ny alàlan'ireo fianarany. "Seminera inona no Nivoahany? Sekolin'ny teolojia inona no Nihaviany?"

67 Ary tahaka an'izany koa amin'izao andro izao. Ny ankamaroan'ny olona izay voahosotry ny Fanahy Masina dia tsy avy amin'ny seminera iray mihitsy. Vokatry ny fifidianan'Andriamanitra manokana izy ireo. Fa ireo famantarana sy fahagagana, ary ireo zava-mahagaga izay nampanantenaina ao amin'ny Baiboly, no miaraka amin'io Fanahy Masina lehibe io rehefa mihetsika eo anivon'ny olona Izany.

68 Ary hoy izy ireo amin'izao andro izao hoe, "Avy amin'ny sekoly inona izy ireo?" Vantany vao miditra ao amin'ny tanàna iray fotsiny ianareo, mba hanao fifohazana iray, "Anarampiangonana inona no ikambananao?"

69 Nanana fifampiresahana iray aho ny Zoma tolakandro, tamin'ny pretra Katolika Romana avy amin'ilay fiangonana

Irish ao Louisville. Ary vantany vao nampahafantarina azy aho, lehilahy nianatra tsara iray, dia hoy izy hoe, "Atoa. Branham, anaram-piangonana inona no iarahanao?"

Hoy aho hoe, "Tsy miaraka amin'ny anankiray aho."

Dia hoy izy, avy eo, "Voatendry ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Hoy izy hoe, "Iza no nanendry anao?"

70 Hoy aho hoe, "Ny Tompo Jesosy no nanome ahy ny Fanahy Masina, mba hitory ny Filazantsara, ary nanome ahy fanirahana iray." Eny, izany no fanendrena izay ilaintsika.

71 Tsy niteny tamin'ireo Mpianany mihitsy Jesosy hoe, "Mandehana mankany amin'ny . . ." Tsy mitsikera an'ireo zavatra ireo aho, fa niaina tamin'ny androny izy ireo. Tsy nilaza Izy hoe, "Mandehana, mianara mba ho mpitoriteny iray, mandritry ny *izao* taona."

72 Hoy Izy hoe, "Mitoera ianareo ao an-tanànan'i Jerosalema, mandra-panafiana anareo amin'ny Hery avy any amin'ny Avo." Nilaza an'izany tamin'ireo lehilahy izay tsy nahay nanasonia ny anarany manokana Izy. "Ary aorian'izany, dia ho tonga aminareo ny Fanahy Masina, avy eo dia ho Vavolombeloko ianareo, any Jerosalema, Jodia, Samaria, ary hatrany amin'ny faran'ny tany." Izany ilay fanendrena.

73 Tsy manana filazana mihitsy isika ny amin'i Jesosy mba nandeha tany amin'ny sekoly iray, na nahazo diplaoma avy amin'ny seminera iray. Kanefa, nisy seminera be lavitra izay nitsangana tamin'Ny Anarany, ho an'ny antony ara-pivavahana, noho izay nisy ho an'ny hafa—zavatra hafa izay hany nisy teto amin'izao tontolo izao. Tsy nanana mihitsy isika ny—ny filazana iray ny Aminy mba nandeha tany an-tsekoly. Fa, kanefa, nisy sekoly be lavitra izay nitsangana tamin'Ny Anarany noho izay misy avy amin'ny karazana anarana iray izay misy eto ambanin'ny lanitra, ireo sekoly. Tsy nahafantatra mihitsy isika ny Aminy nanoratra boky iray. Kanefa, nisy boky be lavitra nosoratana mikasika Azy noho ny sisa rehetra amin'ny literatiora izay hany voasoratra. Ary, androany, Ny Baiboliny no Boky malaza indrindra izay misy eto amin'izao tontolo rehetra izao, eo anivon'ny literatiora rehetra.

74 Fa, hitanareo, tamin'ny andron'ny famangiana, dia niantsoantso izy ireo hoe, "Iza Izy?"

75 Hitanareo, Andriamanitra dia maka zavatra izay toy ny hoe tsinontsinona ilay izy, mba hanao zavatra avy amin'izany. Izany no manao Azy ho Andriamanitra.

76 Ary rehefa nahita Azy tonga izy ireo, niditra tao amin'io vavahady io, dia hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, "Lehilahy malaza iray Izy."

77 Milaza an'izany izy ireo amin'izao andro izao. Misy ireo sekolin'ny teolojia izay mampianatra, amin'izao andro izao, fa Lehilahy malaza iray Jesosy, hoe Lehilahy tsara iray Izy. Ny sasany amin'izy ireo aza dia milaza fa mpaminany iray Izy. Ankehitriny, raha mpaminany iray fotsiny ihany Izy, na Lehilahy tsara iray, dia ao amin'ny fahotantsika isika. Nihoatra noho ny mpaminany iray Izy. Nihoatra noho ny Lehilahy tsara iray Izy. Kanefa, Lehilahy tsara iray Izy. Kanefa, Andriamanitra-Mpaminany Izy. Saingy nihoatra noho izany Izy. Izy no Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo, mba hanaisotra ny fahotana.

78 Ary raha tonga Izy, nitaingina, dia olona maro no nanao hoe, "Mpanasitrana iray Izy. Oh, efa nahita Azy nanokatra ny mason'ilay jamba izahay. Efa nahita Azy nanao an'ilay lehilahy mandringa handeha izahay. Efa nahita Azy nanao vavaka izahay, ka niala tamin'ilay ankizy ny tazo." Saingy, tamin'izay fotoana izay, ireo karazana ireo dia nanaraka Azy fotsiny ihany nohon'ny mofo sy trondro.

79 Ary tahaka an'izany ireo vahoaka betsaka amin'izao andro izao, maro. Raha misy mpanasitrana iray, nahoana, dia izy ireo—dia manaraka Azy izy ireo, ary Izy fotsiny dia—Izy fotsiny dia rano an-tany efitra iray. Raha marary izy ireo, dia mihazakazaka, manao hoe, "Oh, hivavaka ho ahy ve ianao azafady, mba hanaovan'ny Tompo Jesosy ahy ho salama?" Ary vantany vao mivoaka ny hopitaly izy ireo, na ilay fandrian'ny marary, dia miverina mandeha avy hatrany any amin'izao tontolo izao, tahaka ny alika mankany amin'ny lòany, na kisoavavy mankany amin'ny fotany, araka ny nolazain'ny Soratra. Manaraka Azy fotsiny ho an'ny soa izay azon'izy ireo alaina avy Aminy. Mampiasa Azy fotsiny izy ireo ho—hazo lava totem iray, na—na zavatra izay—izay azon'izy ireo alaina avy Aminy, nefa tsy maniry ny hanompo Azy. Mbola mitohy foana io vahoaka betsaka io amin'izao andro izao.

80 Nisy boka sivy sitrana, nefa anankiray no niverina nanome Azy ny dera. Sa folo ilay izy? Izy ireo, ny iray tamin'izy ireo, no niverina nanome Azy ny dera, fa ny sisa tamin'izy ireo dia nanohy, tsy nankasitraka.

81 Ary raha ny vahoaka eto Amerika, izay efa sitrana nohon'ny Herin'Andriamanitra, no namerina ny fony tamin'Andriamanitra, dia ho nisy fifohazana iray namely an'ity firenena ity izay nanakatona ny fivarotan-toaka rehetra. Nanakatona izany. Ho tsy hita tao amin'ny sary ireo fitehirizana entana sy fitehirizana whisky. Ho feno ireo fiangonana. Ho foana ireo teatra ny Alahady hariva. Ary ho nisy fifohazana iray nivoaka, nanerana an'ity firenena ity. Saingy rehefa mahita an'izany mitranga izy ireo, ireo zavatra izay ataon'Andriamanitra, dia mbola mihiakiaka foana izy ireo hoe,

"Iza Izy? Iza moa izao tonga izao? Avy taiza izy ireo? Iza moa izao? Tamin'ny fahefana inona no nahavita an'izao?"

82 Tsy adinoko mihitsy, tany Johannesburg, Afrika Atsimo. Vao tonga mihitsy aho, teo amin'ny telopolo minitra mialoha, teo amin'ny fiaramanidina iray. Telo andro sy alina aho no teny amin'ny habakabaka, noho izany dia reraka ka zara aho raha afaka nahatanty an'ilay izy. Izy ireo—nitondra ahy nankany amin'ireo tanin'ny foara izy ireo izay nisy vahoaka dimy na enina alina niangona. Ary vantany vao tonga teo amin'ny lampihazo aho, hany ka ny Fanahy Masina . . . Nahita aho, tonga nandalo teo amin'ilay toerana, ny—ny fiara fitaterana iray. Ary nisy famantarana iray teo aminy hoe, "Durban." Nahita lehilahy tanora iray aho nifamaly sy nitsoaka ny rainy sy ny reniny, niaraka tamin'ny ranjo iray enina na valo inches fohy kokoa noho ilay hafa. Nanao lobaka fotsy iray izy, niaraka tamin'ny fihazonana nihazona ny patalohany. Ary nomarihako ilay lehilahy tanora. Nijery indray aho. Lasa ilay fahitana. Ary tamin'izay fotoana izay, tao anatin'ny fotoana fohy fotsiny, dia nahita an'io Hazavana io nihantona teo amin'ny lehilahy tanora iray aho, tany aoriana tao amin'ny mpanatrika. Dia nijery aho. Nieritreritra aho hoe, "Efa nahita azy aho tany ho any." Nandinika azy aho, ary nitohy nihantona teo amboniny nandritry ny minitra vitsy io Hazavana io. Dia niandry an'ilay mpandika teny hahazo an'ireo teny manaraka aho. Avy eo dia nahita an'io lehilahy tanora iray io ihany nitsangana aho, nanipy ny tehiny, ka lasa ara-dalàna tahaka an'ilay sisa ilay ranjony fohy enina inches.

83 Dia nilaza tamin'Atoa. A. J. Schoeman aho; izay any amin'ny Voninahitra, izao hariva izao. Hoy aho hoe, "Atoa. Schoeman, tonony fotsiny ireo teniko. Fahitana iray ilay izy."

Hoy izy hoe, "Tena tsara."

84 Dia hoy aho hoe, "Ilay lehilahy tanora izay mipetraka ery aoriana ery manao lobaka fotsy, sy ireo fihazonana, avy any amin'ny tanàna iray antsoina hoe Durban izy, eo amin'ny dimanjato sy arivo maily eto amin'ny firenena, tao anatin'ny fiara fitaterana iray. Ary tsy maintsy nitsoaka ny rainy sy ny reniny izy, mba ho tonga. Fa nino ny Tompo Jesosy izy, ary manana ranjo iray enina inches fohy kokoa noho ilay hafa izy."

85 Dia nitsambikina ilay lehilahy tanora. Teo izy, nitsangana, nanandrana ny hitsapa an'ireo tehiny. Dia hoy aho hoe, "Ry lehilahy tanora, ny Tompo Jesosy no nanasitrana anao." Ary teo no ho eo dia lasa enina inches ny ranjony, ho amin'ny ara-dalàna, niaraka tamin'ny sisa tamin'izy ireo. Dia nentin'izy ireo teo amin'ny lampihazo ilay lehilahy tanora, ary nandinika azy teo ireo dokotera. Mahita ny sariny ianareo ao anatin'ny bokiko.

86 Nitsangana teo minitra vitsy fotsiny aho, dia nahita fiara kely iray, maitso nandeha teo amin'ny làlana, ary nikorisa

izy. Nikodiadia izy, nankany aoriana, ary nandona hazo iray. Zazavavy tanora iray, mena volo no...tapa-damosina. Dia hoy aho hoe, "Mahita fiara kely, maitso iray aho izay nidona tamin'ny hazo iray, ary zazavavy tanora iray mena volo eo amin'ny valo ambin'ny folo taona eo no tapa-damosina. Ao amin'ny toerana sarotra iray izy." Tsy nisy anankiray namaly. Ary tsy afaka nahita azy na taiza na taiza aho tao anatin'io vahoaka midadasika, mpanatrika goavana io. Dia nitsangana teo nandritry ny minitra vitsy fotsiny aho. Hoy aho hoe, "Aoka hahazo. Izany dia...Aza miahiahy. Izany no Tompo Jesosy, ao amin'ny Herin'ny fitsanganana. Izy dia nandefa ny Fanahy Masina mba hanohy ny Asany." Ary teo no nahitako an'ilay fahitana nitranga indray. Fa tsy afaka nahita an'ilay vehivavy tanora aho.

87 Tamin'izay fotoana izay mihitsy, nitsangana teo anoloako, indro nitsangana io Hazavana io, araka ny hitanareo eo amin'ny sary. Ary nitsangana teo Izany. Nandroso teo aho, ary nandry teo izy, teo ambanin'ilay lampihazo. Hoy aho hoe, "Ry ramatoa tanora, ny Tompo Jesosy no nanao anao ho salama." Dia nanomboka niantsoantso izy.

88 Hoy ny reniny hoe, "Oh, tsia! Aza miteny aminy hitsangana!" Hoy izy, "Raha mihetsika izy, dia ho faty."

89 Dia nitsambikina tamin'ny tongony ilay ramatoa tanora, nihiakiaka, ary nidera an'Andriamanitra. Ary torana ilay reny ka nianjera teo amin'ilay fitondra-marary izay nandrian'ilay zazavavy.

Inona izany?

90 Tamin'io fotoana io mihitsy, dia nitsangana teo aoriana teo ny lehilahy mpitsikera iray, ary nitsangana niaraka tamin'ny tongotra iray teo ambonin'ny seza iray, ary ny anankiray teo amin'ilay hafa, ka nanao hoe, "Ianao, ry Amerikana! Mihaika anao aho hiteny amiko hoe amin'ny Anarana iza no anaovanao an'izao! Ary anaram-piangonan'ny fiangonana iza no ikambananao?" Hitanareo?

91 Mitovy fotsiny ilay izy. Tsy mahazo izy ireo. Tsy miandry an'ireo zavatra ireo izy ireo. Tsy miandry ny Fihavian'ny Tompo ireo fiangonana. Nefa eto ny Fanahy Masina hanamarina Ny Fihaviany, hanao an'Izany hiseho. Tena betsaka, te-haka ny làlany manokana ny tsirairay avy.

Tahaka an'izany ilay izy tany. Nanana ny heviny manokana ny vondrona tsirairay.

92 Fa tsy izany ilay fanontaniana izao hariva izao. Tsy izany no resahako. Fa ny fanontaniana izay apetrako aminareo, dia, inona no iheveranareo an'Izany? Izany dia mahakasika anareo. Iza moa Izao mandeha mandroso-sy-miverina eo amin'ireo firenena izao? Tsy olona. Tsy afaka manao an'ireo zavatra ireo ny olona. Iza moa Io miresaka sy milaza amin'ny olona ao amin'ny mpanatrika

io, toy ny hoe, "Mipetraka *eto* mihitsy, ity *eto* ity," sy toerana maro ao amin'ny fivoriana, rehefa entina eto ireo vehivavy sy lehilahy, eo am-pahafatesana? Iza moa Io?

93 Io vehivavy tanora izay nandeha tao amin'ny batistera io aninkeo maraina, izay telo herinandro lasa izay, teo am-pahafatesana niaraka tamin'ny homamiadana miparitaka, mipetraka eto mihitsy any amin'ny Maple Street, Rtoa. Baity. Ary nanontany dokotera telo izay niaraka taminy aho. Tsy nanana anjara iray ny ho velona izy, niaraka tamin'ny zanaka kely efatra na dimy, ka ny reniko no niezaka nikarakara azy ireo. Hoy i Mama hoe, "Bill, tsy hody any an-trano intsony indray izy."

94 Dia nandeha nankany amin'izay nisy azy aho, ary niteny ny Tompo Jesosy hoe, "HOY NY TOMPO HOE, raha handeha any am-piangonana izy ka hampanantena fa hatao batisa amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ary hanompo an'Andriamanitra, dia handeha hody izy, salama."

Dia nanontany azy aho hoe, "Hanao an'izany ve ianao, ramatoa?"

95 Dia hoy izy hoe, "Izay rehetra lazainao, dia hataoko izany." Teo no ho eo dia niala ireo fanaintainana. Telo andro taty aoriana, dia tany an-trano izy, ary tsy afaka nahita soritra iray an'io homamiadana io ireo dokotera.

96 Iza moa Izao avy amin'ny Anaran'ny Tompo izao? Iza moa Io? Io no Fanahy Masin'Andriamanitra. Inona no hevitrareo ny amin'Izany? Inona no hevitrareo, eo am-pahafantarana ny pasiteranareo? Ary rehefa mipetraka eo amin'ireto seza eto ireto, ireo olona avy any amin'ny tanàna, mipetraka miaraka amin'ny androbe, mipetraka . . . Indro mipetraka ny lehilahy iray, any ho any ato, rahalahy Mennonite iray, eto mihitsy, mijaly amin'ny androbe. Tsy nahafantatra na nahita azy mihitsy aho, na inona na inona mikasika azy. Nefa tampoka teo, teo amin'ny roa taona lasa izay, heveriko, na tahaka an'izany. Hia. Roa taona. Niantso an'izany ny Fanahy Masina, ka nanao hoe "HOY NY TOMPO HOE." Tsy nanana famelezana iray intsony izy hatramin'izany. Iza moa Io? Iza moa Io?

97 Ity vehivavy ity dia nipetraka teto, tamin'ny Alahady lasa, ny fotoana farany naha-teto ahy, avy tany ho any tany Illinois. Ny ampitso, niaraka tamin'ny fivontosana lehibe iray tao amin'ny vatany, izay niparitaka. Ary nitondra azy tany amin'ny trano fitsaboana malaza iray ny anankiray tamin'ireo siansa ara-pitsaboana tsara indrindra an'i Illinois, mba hodidiana, ny Alatsinainy. Dia nitady ny làlany izy. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho na nandre ny aminy, teo amin'ny fiainako rehetra. Fa tampoka teo, dia nanaloka azy ny Fanahy Masina, ka niteny taminy Izy hoe iza izy, avy taiza izy, ary hodidiana izy ny ampitso. Firy no teto tamin'izany, mba hahita an'izany? [Hoy ny

fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary nahita an'ireo vaovao niparitaka indray. Ny ampitso, rehefa nandeha nankany amin'ny dokotera izy, dia nentin'izy ireo nitety trano fitsaboana izy, nefa tsy afaka nahita soritra iray an'izany.

98 Iza moa Izao? Oh, mamindrà fo Andriamanitra! Iza moa Izao izay manao an'izao? Mety ho sahy hilaza ve ianareo fa ny pasiteranareo izany? Tsia mihitsy. Mety ho sahy hilaza ve ianareo fa nisy nidiran'ny olona tamin'izany? Tsia mihitsy. Izany no Fanahy Masina. Ny Fanahy izay teo amin'i Jesosy Tompontsika, ka Ny Fihaviany hanakambana ny Tenany amin'Ny Fiangonany, dia tena akaiky ka manaparitaka Ny Hazavany masina lehibe Izy, mba hanavotra, sy hampiditra ao amin'ny fiombonana, ny Fiangonan'Andriamanitra velona iray, ho an'ilay Fampakarana izay antomotra. Amena!

99 Iza moa Izao? Tsy afaka mamaly ny fanontanianareo aho. Tsy afaka mamaly ho anareo aho. Fa afaka mamaly ho an'ny tenako aho. Ary eto ambonin'ity birao masina ity, izao hariva izao, eo amin'ireo sofin'ity, ilay fikambanana, sy ilay—ilay novidian'ny Ràn'i Jesosy Tompontsika, dia milaza an'izany avy amin'ny halalin'ny foko aho. Tsy hoe satria isanareo aho, tsy hoe satria olona iray hafa fotsiny aho, fa iray amin'ilay navotana izay voasasan'ny Rà. Mino aho fa io Hazavana iray io ihany izay mihantona ato amin'ity fiangonana ity, izao hariva izao, io Anankiray io ihany no maneho, amin'ny alàlan'ny Natiorany, fa Izany no Jesosy Kristy, ao amin'ny endriky ny Fanahy Masina.

100 Ny olona rehetra izay mahafantatra ny Soratra, dia mahafantatra fa Jesosy no nilaza hoe, "Avy amin'Andriamanitra Aho, ary handeha ho any amin'Andriamanitra Aho." Talohan'ny nahatonga nofo Azy, rehefa niaraka tamin'i Mosesy tany an-efitra, dia Izy ilay Andry Afo. Ary rehefa naniry ny hahita Azy i Mosesy, dia nampandalo ny ampahan'ny Lamosiny teo aminy Izy. Dia hoy i Mosesy hoe, "Izany dia tahaka ny Lehilahy iray." Rehefa teto an-tany teto Izy, dia Lehilahy iray Izy. Izy dia nanao an'ireo tena zavatra iray ihany mihitsy izay Ataony, amin'izao andro izao, amin'ny alàlan'ireo olona izay Navotany. Indro Izy tonga ary nanao ny Sariny ho azo. Inona Izany? Taorian'ny Fahafatesany, fandevenany ary fitsanganany.

101 Teny amin'ny làlany nankany Damaskosy i Paoly, indray andro, ka nandavo azy ny Hazavana lehibe iray. Ireo olona nanodidina azy dia tsy nahita an'ilay Hazavana. Fa nandavo an'i Paoly Izany, hany ka nanao azy ho jamba Izany. Nanana olana teo amin'ny masony izy tamin'ny sisa tamin'ny fiainany. Ary hoy izy indray mandeha hoe, "Fandrao hirehareha eo amin'ny habetsaky ny fanambarana izay nomena ahy aho," tsilo iray teo amin'ny nofony, irak'i Satana iray, mba handronjina azy. Satria habetsaky ny fanambarana izany.

102 Ary rehefa lavo i Paoly, teny amin'ny làlany hanenjika an'ireo olona izay nanao tabataba betsaka; vondrona iray nateraka indray, ireo olona izay nantsoina hoe mpirehidrehipoana. Teny amin'ny làlany hanenjika azy ireo i Paoly, niaraka tamin'ireo taratasy tao anatin'ny paosiny, mba hisambotra azy ireo sy hitondra azy ireo hankany Jerosalema. Ary teo amin'ny afovoan'ny andro teo, dia indro tonga ny Hazavana iray nidina, izay namely azy teo amin'ny tongony, nankeo amin'ny tany, ary nianjera teo amin'ny vovoky ny tany izy. Indro tonga ny Feo iray avy tao amin'io Hazavana io, nanao hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?"

103 Dia nitodika i Saoly, tao amin'ny toeran'ny fahajambany, niandrandra. Ary afaka nahita an'io Hazavana lehibe, be voninahitra io izy. Dia hoy izy hoe, "Tompo, Iza moa Ianao?"

104 Hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy. Avy tamin'Andriamanitra Aho; nandeha nankany amin'Andriamanitra Aho. Avy amin'Andriamanitra Aho; miverina any amin'Andriamanitra Aho." Hoy Izy hoe, "Sarotra ho anao ny hanipaka an'ireo fanindronana."

105 Fanambarana iray teo amin'io fasika masina io, indray mandeha teo amin'io toerana io, dia tsy mety ho toy ny taloha intsony ny olona iray. Ny olona iray, alohan'ny hiantsony ny tenany ho Kristiana iray, alohan'ny ahafahany hanondro ny tenany, dia tokony hanana an'io fahatsapan'ny ambadiky ny tany efitra io izy aloha, izay nihaonany tamin'Andriamanitra, nifanatrika.

106 Satria, amin'izao andro izao, dia afaka manana ny karazana valiny rehetra ianareo. Afaka mahita ny Tompo manao marina tokoa an'izay Nolazainy fa hatao ianareo, nefa hanazava an'Izany mihitsy ireo teolojiana manan-tsaina. Hilaza izy ireo hoe, "Ho an'ny andro hafa iray izany. Izany dia ho an'*ity*. Na, Izany dia ho an'ny taona hafa iray. Na, diso Izany." Tahaka ny nolazain'izy ireo ny amin'i Jesosy hoe, "Belzeboba Izy, ny devoly. Mpanao hatsarana iray Izy." Ary ireo zavatra rehetra ireo, dia manana valiny iray izy ireo.

107 Fa rehefa niditra tamin'ny fifandraisana tamin'i Kristy mihitsy ny olona iray, ka nahita Azy tahaka ny nahitan'i Paoly, na nanana fahatsapana niaraka Taminy, dia tsy misy teolojiana ampy eto amin'izao tontolo izao hany afaka hanazava an'io fahatsapana io avy amin'ny olona iray.

108 Izany ilay antony, amin'izao andro izao. Tsy manana an'ilay fahatsapana izy ireo. Izany ilay antony tsy ahafahan'izy ireo milaza. Izy rehetra dia manao hoe, "Iza moa Izao? Inona moa Izao? Avy aiza Io?" Tsy manana an'ilay valiny izy ireo. Nahoana? Satria, ny hany fantatr'izy ireo dia teolojia iray nataon'ny fiangonana iray. Tsy "ny mahafantatra teolojia" no Fiainana. Tsy "ny mahafantatra ny Baiboly" no Fiainana.

109 Fa "ny mahafantatra Azy" no Fiainana. "Ny mahafantatra Azy" ho Mpamonjinareo manokana, ho ny Anankiray Izay nameno anareo tamin'Ny Fanatrehany. Teo ianareo rehefa nitranga izany. Tsy misy olona afaka manaisotra an'Izany aminareo. Tsy misy anankiray afaka hanazava an'Izany ho anareo. Rehefa mitranga aminareo io fahatsapana io, dia fantatrareo hoe Iza Izy. Ho ahy, dia Izy no Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

110 Iza moa izao manao an'ireo fahagagana ireo izao? Iza moa io manao an'ireo asa lehibe ireo io? Ilay mpitory teny ve izany? Oral Roberts ve izany? Billy Graham ve izany? Jack Schuler ve izany? William Branham ve? Na mety ho iza izany, dia tsy misy idiran'izy ireo amin'izany. Fitaovana izy ireo.

111 Izany no Fanahy Masina mandeha miaraka amin'ny Filazantsara, amin'ny famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga, mba hanao vahoaka iray ho vonona. Feno fiandrasana ny habakabaka, miaraka amin'ireo mpino miandry Azy ho tonga.

112 Ary hoy ireo hafa hoe, "Nahoana ireto fifohazana ireto? Nahoana isika no manana an'izany? Ndao isika handamina fiangonana iray." Nahoana, efa voalaza teto amin'ny fiangonana teto mihitsy izany, fa, rehefa nanomboka nanorina an'ilay fiangonana vaovao isika, dia voalaza hoe, "Tsy mila an'ireo fahagagana isika. Tsy mila an'ireo zavatra ireo intsony isika. Raha mila azy ireny ianareo, dia mandehana mankany amin'ny saha izay hitrangan'izy ireo. Tsy mila azy ireny isika eto." Rehefa nidina teo amin'io toerana ambany io ny Branham Tabernacle, dia nilentika izy.

113 Ity fiangonana ity dia miorina eo amin'ireo fitsipika sy Hery ary ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ary raha mbola mijoro foana ity tabernakla ity, dia enga anie hahita làlana ho an'ireo fanahy ny Fanahy Masina lehibe, mba hamonjy, sy hameno ny Fanahy Masina, ary hanasitrana ny marary. Ho ahy, dia izany no Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

Ndao isika hivavaka.

114 Raha tsy fantatrareo hoe Iza Izy, tsy fantatrareo hoe inona daholo ny mikasika an'izany, ka te-hahafantatra ianareo, dia tianareo ve ny hanao betsaka fotsiny amin'ny fananganana ny tànanareo? Ary lazao, amin'ny fananganana ny tànanareo hoe, "Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham, mba hahafantarako Azy." Ary ny Tompo anie hitahy anareo. Ary ny manodidina rehetra, hitako ny tànanareo.

115 Ankehitriny, Ray any An-danitra, mitondra an'ity Hafatra ity izahay, sy ireo vokatra avy amin'ny olona izay manangana ny tànany, hoe te-hahafantatra izy ireo hoe Iza moa Izao. Te-hahafantatra tsara an'io Jesosy lehibe io izy ireo. Hoe, Ny Fihaviany, an'ny fitsanganana, dia tena akaiky,

hany ka manomboka ho sitrana ny marary. Ary aorian'ny nitrangan'izany, amin'izay fotoana izay dia tonga tao amin'ny Fiangonana ny faminaniana, avy eo dia ireo fanomezampahasoavana sy fahagagana, ankehitriny dia hatreo amin'io famantarana farany io. Ho tonga ny manaraka, ny Fampakarana, ho esorina ilay Fiangonana. Ary izahay, Tompo, izay nilaza fa mahafantatra Anao ao amin'ny Herin'ny Fitsangananao, dia miandry izahay, ary maniry mafy, sy miantsoantso, ary miangavy hoe, "Avia, Tompo Jesosy!"

116 Akaro Ny Fiangonanao ary ento Izy, haingana, Tompo. Satria, tsy ho ela, dia hanapoaka ny tany izay Noforoninao mba hiainany ireo olona, satria tsy nankatò Anao izy ireo. Tsy nianatra fiadanana izy ireo, fa ady. Tsy nianatra fahamarinana izy ireo, fa nianatra hasomparana. Ahoana fa tsy ho noana hery izy rehetra! Tompo, io toerana kely ao am-pony izay manao azy ireo ho noana hery io, dia miezaka manao an'izany ho afa-po ao amin'ny toeram-pandinihana iray any ho any izy ireo, mba hanapoaka an'ireo olona namany.

117 Andriamanitra, raha afaka mahalala fotsiny mantsy izy ireo fa io hery izay irian'izy ireo fatratra io dia ny Herin'ny fitsanganan'ny Zanak'Andriamanitra, ny Herin'ny Fanahy Masina mba hanova ny fiainany; tsy manapoaka firenena, fa manova ny fiainany ary manao azy ireo ho Mpanomponao.

118 Olona maro, tratry ny fahadalana mahatsiravina. Izy ireo dia manondro anay ho andiana "tsy mahay na inona na inona," ary—ary ho "mpirehidrehi-poana," tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ny andro tany aloha. Fa tahaka ny niverenan'izy ireo, nifaly, nisaotra Anao fa afaka nitondra ny latsan'Ny Anaranao izy ireo. Izany no fihetseham-pon'ireo Zanakao, izao hariva izao, Tompo, hatraiza hatraiza. Sambatra fotsiny izahay.

119 Ny sasany tamin'ny Andronao dia niezaka ny hanondro Anao. Hoy izy ireo hoe, "Sakaizan'io olon-dia io Izy, Jaona, izay nivoaka avy tany an-efitra zara raha nitafy, hoditr'ondry tranainy iray fotsiny no natafy nanodidina azy. Olon-dia iray izay nanipy ny teny, atsinanana sy andrefana, ka nanao hoe, 'Mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo ny famaky.'" Hoy izy ireo, "Izy dia—dia mpanaraka azy. Olon-dia iray Izy. Adala Izy. Any ivelan'ny Sainy Izy." Ilay asam-panompoana ivelan'ny voajanahary izay niaraka Taminao, O Tompo, no nanajamba ny mason'ireo.

120 Ary toy izany indray koa Izany amin'izao andro izao. Io Fanahy Masina lehibe izay nialoha làlana ny Fihavian'ny Tompo io, tahaka ny nataon'i Jaona tamin'ny androny, no nanajamba an'ireo vahoaka, tamin'ireo izay tsy te-hahita. Fa amin'ireo izay manaiky hahita, dia Ianao no nifidy azy ireny. "Fa izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy," hoy Ianao, "ary tsy hisy

ho very ny iray amin'izy ireo. Fa Izaho hanangana azy amin'ny andro farany." Misaotra Anao izahay ny amin'izany.

121 Ary ireo izay nanangana ny tànany, izao hariva izao, dia mivavaka izahay, O Tompo Andriamanitra, mba Hampahafantaranao ny Tenanao amin'izy ireo, ao amin'ny fahatsapana iray, ao amin'ny Herin'ny fitsanganana. Ekeo izany, Tompo.

122 Ary mety misy hafa eto, izay tsy nanangana ny tànany, kanefa, ao am-pony, dia fantatr'izy ireo fa mila an'izany izy ireo. Mivavaka aho mba Hitahianao azy ireo, sy hanome azy ireo ny fanirian'ny fony.

123 Rehefa miala amin'ny tranobe izahay, izao hariva izao, dia enga anie izahay handeha ho olona hafa. Enga anie izahay handeha miaraka amin'ny tanjona hafa noho izay nanananay, teo am-pidirana, raha nifanohitra tamin'ny Sitraponao Masina izany. Enga anie izahay handeha miaraka amin'ny fanapahankevitra iray hihazona eo amin'ireo tandroky ny alitara, mandrapahatongan'ny fanahinay ho afa-po fa nanana fahatsapana iray niaraka Taminao izahay. Ary fantatray izay iresahanay, satria nihaona Taminy izahay ary mahafantatra Azy, ka manana fiombonana Aminy. Ekeo ireo zavatra ireo, Ray. Sitrano ny marary sy ory.

124 Tahio ny pasiteranay maha-te-ho tia sy sarobidy. Andriamanitra, mivavaka izahay mba Hombanao azy sy ireo anabaviny maha-te-ho tia, raha mihira ny Filazantsara izy ireo, ary mitory an'Izany ao amin'ny radio-ny.

125 Tahio ireo vahiny izay ato amin'ny vavahadinay. Tompo, enga anie izy ireo hivoaka, izao hariva izao, miaraka amin'ny vesatra iray ao am-pony, sy tanjona iray hoe izy ireo, manomboka amin'ity ora ity, raha tsy nahafantatra anao izy ireo sy tsy nanompo Anao, tany aloha, dia enga anie izy ireo hanompo Anao. Mahafantatra an'izao, hoe, "Ny zavatra hafa rehetra dia ho lasa aotra, fa ny Tenin'ny Tompo no haharitra mandrakizay." Ekeo izany, Ray.

126 Mamelà anay, ny fahotanay rehetra. Ary enga anie izahay hihaona amin'ilay lehibe. . .[Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

127 Ankehitriny, aorian'ilay Hafatra, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ka hanompo Azy, raha mihira ho Azy isika.

Tiako Izy, (amin'ny fonareo rehetra) tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

128 Firy no tia Azy marina tokoa? Atsangano fotsiny ny tànanareo, ka manaova, amin'ny alàlan'ny vavolombelona iray hoe, "Tiako Izy." Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fantatrareo, tiako fotsiny ny hipetraka tahaka an'izao ka misotro fotsiny, na manao ahoana na manao ahoana, Ny Fanatrehany. Ny Teniny, efa nivoaka, milatsaka ao amin'ireo fo Izany. Manitsy antsika Izany. Mitondra antsika ao amin'ny fanekena Ny Fanahiny Izany. Maha-te-ho tia toy ny ahoana ny hoe Izany dia ny manompo Azy fotsiny avy eo! Ankehitriny, raha mandeha miala amin'ny fiangonana ianareo, izao hariva izao, dia mandehana, manompo Azy.

129 Ary tsarovy, amin'ity herinandro ity, dia hisy fivoriambavaka iray eto amin'ny Alarobia hariva. Aza adino ny fandaharan-dRahalahy Neville amin'ny Alahady, na amin'ny Sabotsy, amin'ny sivy ora, eo amin'ny WLRP. Tiako fotsiny ny mandre azy ireny, ary ianareo? Ilay feo efatra, na ilay feo telo, tena maneno tsara. Izaho sy ny vadiko, ary ireo ankizy, apetrakay rehetra eo ilay radio kely ary—ary mitangorona manodidina azy, mba hihaino an-dRahalahy Neville sy ny fandaharany, ary ireo teniny mahafinaritra, ny amin'ny hoe ahoana no anandratany an'ilay Andriamanitra izay tiany sy inoany. Tsy milaza an'izao aho mba . . .

130 Ianareo vahiny eto, raha tsy manana fiangonana ianareo any aminareo, dia tongava mikambana aminay. Teneniko aminareo, tsy milaza an'izao aho satria mipetraka eto izy. Tsia, tompoko. Efa nilaza an'izao aho, imbetsaka. Tiako Rahalahy Neville. Izao, voalohany, dia teolojiana iray izy. Ny zavatra voalohany, dia zanak'Andriamanitra iray izy. Ny zavatra manaraka, dia tsy miova izy isan'andro. Efa nahafantatra azy nandritry ny taona maro aho. Tsy niova mihitsy izy, na kely aza. Mbola Orman Neville foana izy, mpanompo iray an'ny Tompo Jesosy. Ary heveriko fa izy dia manana . . .

131 Indray hariva, dia niantso aho, mba hanontany azy raha tsy afaka izy, tao amin'ny fandaharany, hanao efitra ho anay mba ho tonga any ka hivavaka ho an'ny marary. Nisy sasany tonga, ny maraina izany, fantatrareo. Ary ny vadiny kely no namaly ny telefona, ary niresaka tamin'ny vadiko aho, iry aoriana iry, mikasika an'izany.

132 Ary toy ny ahoana no isaorantsika an'Andriamanitra nohon'ny amin'ny vadiny kely maha-te-ho tia sy ny fianakaviany. Tena mahafinaritra izany. Rehefa mahita mpitoriteny iray sy ny vadiny miaina tahaka an'izany ianareo, ao amin'ny fahalemem-panahy sy fanetre-tena, dia manao ny fiangonana handeha tsaratsara kokoa tahaka an'izany fotsiny ianareo. Mamy fotsiny kokoa izany raha mandeha ny andro.

133 Tia Azy amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Manana hira iray fampiravana isika izay hiraintsika hoe, *Raiso Eo Aminao Ny Anaran'I Jesosy.* Ary omeo anay ilay naoty kely, ranabavy, raha manana azy ianao eo ao amin'ilay boky. Ary hihira ny hira fampiravantsika isika. Ary rehefa mihira ny tonony voalohany isika, dia tiantsika ny hitodika, hifandray tànana. Eny àry. Omeo anay ny naoty.

. . . aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ndao isika handray an'ity tonony ity ankehitriny.

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosatrohantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Tsy hahafinaritra ve izany?

Sarobidy, Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy) O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny . . .

134 Firy no mahatsiaro an'ilay hira kelintsika izay nohiraintsika taloha hoe, *Aza Adino Ny Vavaky Ny Fianakaviana*? Tsaroanareo ve izany? Fantatro, Thelma, na hainao izany, ilay naoty, na tsia? Ndao handramantsika indray mandeha izany. Tsy tsaroanareo ve izany? Ndao isika . . . Angamba afaka hanandrana azy indray mandeha miaraka aminareo aho.

Aza adino ny vavaky ny fianakaviana,
Te-hihaona aminareo eo Jesosy;
Hitondra ny fanahianareo rehetra Izy,
Oh, aza adino ny vavaky ny fianakaviana.

135 Firy no manana vavaky ny fianakaviana? Tsara izany. Ndao isika hanandrana an'izany indray. Haka an'izany indray aho eto. Tiako izany. Ny rehetra miaraka ankehitriny.

Aza—aza adino ny vavaky ny fianakaviana,
Te-hihaona aminareo eo Jesosy;
Hitondra ny fanahianareo rehetra Izy,
Oh, aza adino ny vavaky ny fianakaviana.

136 O Tompo, voasoratra ao amin'ny Soratra, fa nalain'izy ireo avy teo amin'ny vatan'i Paoly ireo mosara na aron'akanjo, ka niala tamin'ny olona ireo fanahy maloto, ary sitrana ireo aretina. Mivavaka izahay, O Tompo, mba ho tahaka an'izany fanao izany, no hanehoana an'izany eo amin'izy ireo, izao hariva izao, raha mandefa azy ireo mankany amin'ilay manana ilaina sy marary aho. Any ho any ao amin'ireo firenena, dia misy olona manantena sy miandry an'izany hitranga. Mivavaka aho, Ray, mba Hanekenao an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy, Ilay Zanakao. Amena.

137 Ankehitriny dia hangataka aho, raha manondrika ny lohantsika isika, raha ny rahalahintsika sarobidy indrindra Rahalahy Smith eo, avy amin'ny fiangonan'Andriamanitra, izay efa hitantsika, tahaka an-dRahalahy Neville eto mihitsy, fa mpanompo mahitsy, mahatoky, an'Andriamanitra. Hangataka azy aho mba hangataka an'ireo tso-drano ho eo aminareo, mba hitohy mandritr'ity herinandro ho avy ity. Andriamanitra hitahy anareo, mandra-pihaonanay aminareo indray.

138 Rahalahy Smith. [Mivavaka Rahalahy Smith—Mpand.] Eny, Tompo. Eny. Eny. Eny. Eny. Amena.

139 Mifandraisa tànana. Ho tongasoa indray, eto amin'ny tabernakla. Andriamanitra hitahy anareo.

Iza Moa Izao? MAG59-0510E
(Who Is This?)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany tamin'ny Fetin'ny Reny, ny Alahady hariva, 10 May 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org